Tanàna Mahajanga
Baobab mampahalaza an’i Mahajanga

TERA ALBERTINE
Filoha mpanorina ny fikambanana MANANGY PARE

FAMPAHAFANTARANA ANKAPOBENY

Fikambanana : MANANGY PARE

Daty niorenany: 07 avril 2010

Filoha: TERA Albertine

Adiresy: CEG Ampisikina Mangarivotra MAHAJANGA

TETIKASA

- MANANGY PARE dia fikambanam-behivavy miisa 50 ao amin'ny fokontany Mahavoky Atsimo.
- Tetikasa ara-tsosialy sy fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny vehivavy eo amin'ny lafin'ny asa na eo amin'ny lafin'ny politika.
- Tetikasa nanampy renim-pianakaviana sahirana ara-pivelomana
- Fitaizana sy fampianarana ny zony ohatra: zo ny mifidy sy milatsaka hofidiana
- Fampianarana azy ireo mba sahy handray andraikitra amin'ny sehatra fanapaha-kevitra na dia eo anivon'ny fokontany misy azy aza.

TANJON' NY SADC HOTRATRARINA

- Andalana 12 – 13 : Alohan'ny taona 2015 , farafahakeliny ny 50% ny toerana fanapaha-kevitra na amin'nysehatra miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana dia sahanin'ny vehivavy.

- Andalana 14: Ny firenena mpikambana ao amin'ny SADC dia mametraka ny miralenta amin'ny fidirana an-tsekoly ambaratonga I sy faharoa, ny ambaratonga ambony ary fanofanana ara-kasa.

- Andalana 20-25: miady amin'ny herisetra mahazo ny vehivavy (loi 2007-038 du 14 janvier 2008)

ANTONY NANANGANANA NY TETIKASA

- Mba hanatratrarana ny tanjon'ny fikambanana MANANGY PARE

- Mba ho famporisihana ny ny vehivavy ho sahy handray andraikitra amin'ny sehatra maro samy hafa satria mila azy ny firenena.

- Mba hanamafisana ny fahaiza-manaon'ny vehivavy na eo amin'ny lafin'ny fiaraha-monina (ao an-tokatrano sy ny manodidina) na eo amin'ny firenena mihitsy

TANJONA NAPETRAKA

- Fanentanana ny vehivavy mba hiala amin'ny fomba fanao mahazatra (IEC/ CCC); ohatra : ny vehivavy tsy mamonjy fivoriana fa mikarakara tokatrano , ny vehivavy tsy manapa-kevitra fa an'ny lehilahy izany, natao hovelomina ny vehivavy fa tsy hifamelona ao an-tokatrano.

- Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny vehivavy eo amin'ny « Droit civique » sy eo amin'ny lafin'ny politika ary ny fahalalany ny vaovao misy eto amin'ny firenena

TANJONA NAPETRAKA (tohiny)

- Fandraisana anjaran'ny vehivavy amin'ny fifidianana rehetra misy eto Madagasikara amin'ny repobolika IV.

- Fanatratrarana ny tanjon' ny SADC 50 % alohan'ny taona 2015 (andininy 12 – 13).

NY NAHAZO TOMBOTSOA

- Ny mpikambana rehetra ao amin'ny fikambanana MANANGY PARE
- Ny manodidina azy sy ny ankohonany
- Ny vehivavy rehetra ao amin'ny fokontany Mahavoky Atsimo

Mpikambana nahazo tombotsoa

NY FAHARETANY SY NY FIZOTRANY

- Naharitra 3 taona izao ny tetikasa satria ny 2010 izy no niorina ary mbola ao anatin'ny asa hatramin'izao.

- Nanohana ara-bola renim-pianakaviana 4 tena sahirana io tetikasa io izay volan'ny fikambanana madiodio sy fanomezana ho an'izay manan-katao tao anatin'ny fikambanana : nomena vola nentina nivarotra anana, filao ary friperie

- Ny fiofanana sy fanentanana dia natao isaky ny fivoriana.

NY FITAOVANA NAMPIASANA

- Ny fitaovan'ny birao toy ny taratasy, latabatra,tabilao ary ny fitaovam-piseraserana.

- Horonan-tsary, taratasin'ny fikambanana rehetra.

VOKATRA AZO

- Rehefa natao ny tomban'ezaka tamin'ny 15/12/11, ireo renim-pianakaviana notohanana ara-bola dia efa nahatafaverina ny volan'ny fikambanana ary efa nahaleo tena ara-bola tsara amin'izao.

- Nohon'ny fanentanana sy ny fiofanana natao dia 4 amin'ireo mpikambana no sahy hilatsaka hofidiana amin'ny fifidianana manaraka: ny iray hilatsaka filohan'ny fokontany Mahavoky atsimo ary ny 2 hilatsaka mpanoln-tsaina kaominaly ary ny filohan'ny fikambana hilatsaka Ben'ny tanàna MahajangaI.

VOKATRA AZO (tohiny)

- Nohon'ny fahitana ny tenako fa vehivavy vonona handray andraikitra aho dia:

- Taona 2010 : nalatsakan'ny Ampela Manao Politika ho Ben'ny tanana Mahajanga I aho saingy nofoanana ny fifdianana
- Taona 2011: Mpandrindram-paritran'ny Ampela Manao Politika
- Taona 2012: Voatendry Talen'ny sekoly CEG Ampisikina

Ireo mpikambana rehetra ao amin’ny commune urbaine Mahajanga I

2012

Mpikambana Ampela Manao Politika

2013

OLANA NITRANGA

- Ara-bola: ny tetikasa dia tsy manana mpamatsy vola fa ny latsakemboky ny mpikambana no nentina nanatanterahana azy.

- Fanentanana: sarotra ny manentana ny vehivavy hidiitra amin'nysehatra politika; ny manova ny fisainana hoe « FANAKA MALEMY » ny vehivavy

LESONA

- Lasa mahatoky tena ny vehivavy amin'ny asa rehetra izay ataony

- Vonona hiatrika fifdianana ny vehivavy ao anatin'ny fikambanana amin'ny fifidianana rehetra izay misy eto Madagasikara: fokontany, kaominina, distrika….

FAMPIHARANA SY FEPETRA

- Azo hapiharina amin'ny toerana , faritra na firenena hafa io tetikasa io. Tsy hijanona eo Mahavoky fotsiny io tetikasa io fa hitarina amin'ny fokontany rehetra eto Mahajanga.

- Fepetra 1: atomboka amin'ny asa sosialy ny fitarihana ireo vehivavy ireo

- Fepetra 2: tokony hanana vola entina miasa na mitady famatsiam-bola mba hanatanterahana ny tetikasa

FAMPIHARANA SY FEPETRA

- Fepetra 3: tokony manana traikefa amin'ny fanentanana sy fiofanana ny mpitarika

- Fepetra 4: tokony manana traikefa amin'ny fitarihana ny mpitarika

Fanentenana natao amin’ny alalan’ny fifaninanana aram-panatanjahan-tena

2013

MISAOTRA TOMPOKO

TERA Albertine